# Ampahany avy amin'ny "Le mariage plural à Kirtland et à Nauvoo" (Ny fampakarana vady maro tao Kirtland sy Nauvoo)

## Lahatsoratra momba ireo lohahevitra mikasika ny filazantsara (topics.ChurchofJesusChrist.org)

Mino ny Olomasin'ny Andro Farany fa ny fampakarana vady tokana—ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray—no lalàn'ny Tompo raikitra mikasika ny fanambadiana. Nandidy ny sasany tamin'ireo vahoakany hampihatra ny fampakarana vady maro ny Tompo tamin'ny andron'ny Baiboly—ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy mihoatra ny iray. Naharay ihany koa ary nankatò io didy izay nomena tamin'ny alalan'ireo mpaminanin' Andriamanitra io ny sasany tamin'ireo mpikambana tany am-piandohana tao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Rehefa avy nandray fanambarana izay nandidy azy hampihatra ny fampakarana vady maro i Joseph Smith, dia nampakatra vady maro izy ary nampahafantatra ilay fombafomba tamin'ireo mpiara-miasa akaiky taminy. Anisan'ireo ampahan-javatra sarotra indrindra teo amin'ny Famerenana tamin'ny laoniny io fitsipika io, ho an'i Joseph manokana sy ho an'ireo mpikambana hafa tao amin'ny Fiangonana. . . .

Ny fiantombohan'ny fampakarana vady maro tao amin'ny Fiangonana

. . . Nilaza tamin'ireo mpiara-miasa akaiky taminy i Joseph fa nisy anjely iray niseho taminy intelo teo anelanelan'ny taona 1834 sy ny taona 1842 ary nandidy azy hiroso amin'ny fampiharana ny fampakarana vady maro rehefa nisalasala ny hiroso tao anatin'izany izy. Tonga niaraka tamina sabatra teny an-tanany ilay anjely nandritra ny fisehoana fahatelo sady farany, ka nandrahona an'i Joseph fa hanao fandringanana raha toa ka tsy miroso sy tsy mankatò tanteraka ilay didy izy. . . .

I Joseph sy i Emma

Sarotra ho an'ny olona rehetra izay voakasik'izany ny fampakarana vady maro. Fitsapana tena sarotra izany ho an'i Emma vadin'i Joseph Smith. Zara raha misy ny rakitsoratra mikasika ny fihetsika nasehon'i Emma teo anatrehan'ny fampakarana vady maro. Tsy namela fitantarana izay nosoratany manokana momba izany izy ka tsy misy ahafahana mamantatra ny eritreriny momba izany. Nifankatia sy nifanaja lalina i Joseph sy i Emma. Rehefa nirotsaka tao anatin'ny fampakarana vady maro i Joseph dia namboraka ny zavatra tsapany tao anatin'ny diary izy ho an'i "Emma malala[ny]," izay nofaritany ho "Emma tsy mihontsina, mafy orina, tsy azo hozongozonina ary be fitiavana." Notehirizin'i Emma tao anatina meday izay niambozonany ny sombiny kely tamin'ny volon-dohan'i Joseph taorian'ny nahafatesany. . . .

Fitsapana sy fijoroana ho vavolombelona ara-panahy

. . . Nilaza i Joseph Smith, araka ny nolazain'i Helen Mar Kimball, fa "ny fampiharana io fitsipika io no fitsapana mafy indrindra izay mety ho nitsapana ny finoan'ny Olomasina hatramin'izay."

Matetika tsy tonga raha tsy taorian'ny vavaka natao amin-kitsimpo sy fisaintsainana lalina ny fanapahan-kevitra mba hanaiky fitsapana mandrotika ny fo toy izany. Nilaza i Brigham Young rehefa nahafantatra momba ilay fampakarana vady maro hoe, "Izay aho teo amin'ny fiainako vao naniry ny ho faty." "Tsy maintsy nivavaka tsy ankiato aho," hoy izy, "ary tsy maintsy nampihatra finoana aho, ka nambaran'ny Tompo tamiko ny fahamarinan'izany ary nahafapo ahy izany." . . .

Notantarain'i Lucy Walker ny fisafotofotoana tao anatiny rehefa nangatahan'i Joseph Smith ho vadiny izy. "Ny fahatsapan'ny fanahiko rehetra dia nikomy nanohitra izany," hoy izy nanoratra. Kanefa, nahazo fahamaivanana izy rehefa "heniky ny fitaomana masina" tahaka ny "masoandro mamiratra" ny efitranony taorian'ireo alina maro tsy nahitan-tory izay nandohalihany nivavaka. Hoy izy hoe, "Feno fiadanana tony sy mamy ny fanahiko izay mbola tsy tsapako mihitsy," ary "fahasambarana faratampony no nameno ny tenako manontolo."

Famaranana

Saika tsy azo atao mihitsy ny manitatra be loatra ny fanamby atrehana eo amin'ny fampidirana fitsipika izay sady mampifanditra toy ny fampakarana vady maro. Nanome fahafahana an'i Joseph Smith sy ireo Olomasin'ny Andro Farany hafa mba hanaiky io fitsipika io ny fijoroana ho vavolombelona ara-panahy mikasika ny fahamarinan'izany. Na dia sarotra aza izany dia tena "[nanangana] taranaka iray" ho an' Andriamanitra ny fampidirana ny fampakarana vady maro tao Nauvoo. Mpikambana maro amin'izao fotoana izao no taranaky ny Olomasin'ny Andro Farany mahatoky izay nampihatra ny fampakarana vady maro.

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_453-1